

TAHIRY

SERASERAN'NY TAHIRIMBOLAM-PANJAKANA
Bulletin mensuel d'information et de liaison de la Direction Générale du Trésor

Numéro 23



SEPTEMBRE
2012

CCAL Faritra DIANA : Fa inona foana no olana e ?

Mahagaga amin'izao fotoana izao fa mbola misy ihany ireo toby fitsinjarana solika sasantsasany eto Antsiranana na aty amin'ny faritra DIANA no mandà ireny tapakila CCAL ireny. Amin'ny fomba ankolaka no anaovany izany fandavana izany. Raha vao tonga eo ilay mpanjifa ka milaza haka solika amin'ny CCAL dia lazain'ny *pompiste* fa efa tapitra ny *quota* rehefa mihamandroso atoandro. Raha mbola maraina kosa dia lazainy fa mbola tsy tonga ny tompon'andraikitra ka tsy afaka mandray izany izy ireo. Tsy vitsy ireo mpanjifa no mitaraina aty amin'ny TG Antsiranana noho izany toe-javatra izany satria na ireo CCAL nivoaka tato aminay aza tsy raisin'izy ireo, mainka raha avy any amin'ny Trésor hafa.

Efa nisy fivoriana indroa natao niaraka tamin'ny lehiben'ny faritra sy ny sampan-draharaham-panjakana mampiasa ny CCAL aty Antsiranana ary ny Tahirimbolam-panjakana niresahana ny momba ny CCAL. Nifanaraka tamin'izany ny rehetra fa samy handray ny andraikitra tandrifany azy avy ka tsy tokony hisy intsony ny olana eo amin'ny fampiasana ny CCAL aty Antsiranana .

Izahay ato amin'ny Trésor Antsiranana dia miezaka mafy amin'ny fandoavana faran'izay haingana ny faktorian'ny toby fivarotan-tsolika aty aminay. Porofon'izany, tsy misy faktiora mihantona mihitsy aty amin'izao fotoana izao satria raha vantany vao tonga manao *versement* ato aminay ny mpiasan'ny toby fivarotan-tsolika dia efa misy tompon'andraikitra mandray azy ireo avy hatrany ary manao ny fanisana sy fanamarinana rehetra : (i) fanamarinana

ny fisian'ny *Visa Bon à payer* eo amin'ny tapakila,(ii) ny anaran'ny *comptable assignataire*, (iii) ny nomeraon'ny karapanondrom-pirenen'ilay mpanjifa, (iv) ny nomeraon'ny fiara, (v) ny fitomboky ny sampan-draharaha mpampiasa azy, (vi) ny anarana sy ny sonian'ny *dépositaire comptable*, (vii) ny daty sy ny toerana nandrasana ilay tapakila izay tsy maintsy soratan'ireo toby fivarotan-tsolika ao andamosin'ny tapakila, sns...

Rehefa hitanay fa tsy hosoka ary voaporofo sy voahaja ny fepetra rehetra ahafahana mandray sy mandoa ilay CCAL, dia karakaraina io andro io ihany ny fanefana izany. Tamin'ity taona 2012 ity ohatra (janoary ka hatramin'ny 10 Septambra 2012), dia mitentina 602 810 000 MGA ny *versement* nataon'ny toeram-pivarotan-tsolika taty aminay. Efa voaloka avokoa ireo, ary tsy mbola nisy faktiora nolavina na iray aza hatramin'izao.

Tsara ny manamarika fa ireo fepetra voalaza etsy ambony ireo dia tokony ho efa nataon'ny *pompiste* avokoa raha vao mampiseho CCAL eo anatrehan'ny ilay mpanjifa mba hisorohana ny hosoka. Tsy hisy tokoa mantsy olona hahasahy hampiseho ny karapanondromy na ny fiarany eo amin'ny toby fivarotan-tsolika raha ohatra ka tapakila hosoka no entiny raha tsy hoe angaha misy tsikombakomba .

Hamafisiko etoana fa manankery eto amin'ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara ny CCAL na Trésor aiza na aiza ivoahany ary voaran'ny lalàna ny fandavana izany.

Eto am-pamaranana, dia atsipy ny teny



ho an'ireo toby fivarotan-tsolika sasantsasany aty amin'ny faritra DIANA izay mandà be fahatany ny CCAL. Hamarino tsara aloha ny tapakila asehon'ny mpanjifa satria ny fandavana azy ireny dia sokajiana ho fandavana varotra izay mahavoasazy araka ny lalàna manankery. Manome toky kosa izahay fa fotoana fohy no handoavanay faktiora raha voahaja tsara ireo fepetra voalaza etsy ambony.

Entanina koa ireo mpanjifa mba hanaraka antsakany sy andavany izay rehetra voalaza ao andamosin'ny CCAL hisorohana izay mety ho fandavana. Enga anie mba samy hanatanteraka izay andraikitra tandrifany azy avy ny tsirairay mba tsy hisian'ny olana eo amin'ny fandraisana ireny tapakila CCAL ireny intsony aty amin'ny faritra DIANA satria anisan'ny motera mampihodina ny sampan-draharaham-panjakana iray ny fampiasana azy ireny.

▲ Edmond EDWIN
Trésorier Général Antsiranana

SOMMAIRE

Ny Trésor sy ny tantarany	P.02
PP Anjozorobe, notafihin'ny jiolahy	P.02
CHRONIQUE: Subvention de l'Etat: Dépenses non efficientes et pressions sur la trésorerie	P.03
Olan'ny mpiasam-panjakana: Mitovy <i>catégorie</i> nefa samy hafa <i>grille indiciaire</i>	P.06
PP Analalava: Saika nakatona	P.07
Manomboka tafita ny hafatry ny Tahirimbolam-panjakana	P.07
DRSFP: Tafafindra tanteraka eny Ampefiloha	P.07
VAHININTSIKA : Judiciaël Tsarabory TAHINY : Secrétaire Exécutif EITI	P.08
Masoivoaho ao Bruxelles: Nahazo <i>Agent Comptable</i> vaovao	P.09
La Banque Africaine de Développement (BAD) soutient la population de Brickaville	P.12
Akon'ny fankalazana ny faha 50 taona Toliara reçoit la première tournée provinciale	P.13
Dons, grillade et karaoké	P.13
Nisokatra ho an'ny vahoakan'i Toliara ny Tahirimbolam-panjakana	P.15
Nanampy ireo tra-boina vokatry ny haintrano ny TG Mahajanga	P.14
INVITÉ DE L'ÉCONOMIE Benitany RANDIMBY: SG du Fonds d'Entretien Routier (FER)	P.10

Fankalazana ny faha 50 taona : Notokanana ny trano vaovao/ny PP Ankaozoabo takila 14



Faites connaissance avec la TG Antsiranana Pages 4 - 5

TSIAHY

Ny Trésor malagasy sy ny tantaran'ny

Fizarana 24

Hotsiahivina amin'ity laharana ity ny tantaran'ny *Paierie Générale d'Antananarivo* (PGA) ary hofantarina ireo mpitondra nifandimby nitantana azy. Mankalaza ny faha30 taonany mantsy ny PGA amin'ity taona 2012 ity.

Tsy afa-misaraka ny tantaran'ny Trésor malagasy sy ny tantaran'ny PGA. Mizara ho vanim-potoana roa miavaka tsara ny tantaran'ny PGA:

Nyvanim-potoana voalohany dia nanomboka tamin'ny andron'ny fanjanahantany sy taorian'ny nanolorana ny Trésor ho tantanan'ny Malagasy tamin'ny taona 1963, nitohy nandritra

ny Repoblika voalohany sy faharoa hatramin'ny taona 1982. Nandritra io fotoana io dia *Trésorerie Principale d'Antananarivo* no niantsoana azy. Nosokajiana ho poste comptable sokajy voalohany mitovy laharana amin'ireo *Trésoreries Principales* any amin'ny renivohi-paritany. Ny nampivavaka azy tamin'ireo *postes comptables* hafa dia ny fifandraisany mivantana amin'ny

Payeur de la République Française teto Madagasikara sy ny *opérations comptables* mifandraika aminy.

Ny vanim-potoana faharoa kosa dia ny nananganana ny PGA sy ny *Recette Générale d'Antananarivo* tamin'ny taona 1982. Hita fa nitombo be tokoa ny kaonty kitrakirain'ny *Trésorerie Principale d'Antananarivo* ka tsy maintsy nozaraina ho *postes comptables*

roa samy hafa. Tamin'ny 02 aogositra 1982 no nivoaka tamin'ny *Gazetim-panjakana* ny didim-panjakana nametraka ny PGA sy ny RGA. Ny RGA dia misahana ny fandraisana ny vola miditra amin'ny fanjakana. Ny PGA kosa dia misahana ny fanatanterahana ny fandaniana sy ny famoaham-bola.

▲ Rivolala RANDRIANARIFIDY

1982 - 1994

1994 - 1998

1998 - 2005

2005 - 2006

2006 - 2010

Nanomboka tamin'ny 2011



Ankavia miankavanana: Julien RAKOTOVELO (feu), Adrien RAZAFINDRAZAKA, Eloi Claude RAKOTONDRAMANANA, Maminiana Eva ANDRIANASOLO, Jean Pascal RAKOTONIRAINY, Herivelo ANDRIAMANGA.

TRANGA

Notafihin'ny jiolahy ny Percepteur any Anjozorobe



Ingahy PP mialoha ny nitondrana azy teny amin'ny Hôpitaly Soavinandriana

Vely kibay mafy be avy aty afara. Izany no nahazo an'i Léon Andriamahefatiana RAKOTONDRAINIBE, *Percepteur Principal* (PP) ao Anjozorobe, raha iny hody avy niasa iny, ny Zoma 31 Aogositra lasa teo, tokony ho tamin'ny 06 ora hariva. 10 metatra,

fanalahidy. Torana nandritra ny ora maromaro izy ka tamin'ny 11 ora alina tany ho any vao tonga tany an-trano. Lasan'ny jiolahy ilay kitapo niaraka tamin'ireo fanalahidy rehetra. Nentina aty Antananarivo Andriamatoa PP hotsaboina.

tsy hahatongavana any amin'ny trano fonenany, no nitrangan'ity asan-jiolahy ity. Tapaka ny tanany havanana izay nilanja ny kitapo nisy antontan-taratasy maro momba ny asa (*pièces de dépenses*, *karapanondro*, *permis...*) sy ny

Mavesatra tokoa ny asa fitazonana sy fiambenana ny volam-bahoaka fa ny aina mihitsy no manefa. Sarotra ny manadino ny nanjo ny *Trésorier* tany Fenoarivo Atsinanana (1993) sy ny PP tany Tsvivory (2011) izay samy maty nisy namono noho ny asany. Ny toy izao indrindra no mahatonga ny Tahirimbolam-panjakana hanao antso avo amin'ny mpitondro filaminana satria mbola maro ny toerana itehirizana ireny volam-bahoaka ireny no tsy voaaro. Ny mahagaga anefa dia ireo tompon'andraikitra ny filaminana ireo indray no milaza fa andoavambola ny fangatahana mpitondro filaminana hiambina ny trano misy ny volam-bahoaka. Lalàna aiza loatra re no milaza izany e ? Raha ny fantatra mantsy dia andraikitra ny

mpitondro filaminana ny miambina andro aman'alina ireny toerana ireny, ary tsy andoavam-bola izany. Mbola ho fiarovana izany volam-bahoaka izany indrindra koa no mahatonga ny Tahirimbolam-panjakana nanavao sy hanavao ireo fotodrafitrasa rehetra mba hanara-penitra (trano...). Raha mitohy ny zava-doza tahaka izao dia tsy maintsy handray fepetra ny Tahirimbolam-panjakana satria ny *indemnité de risque* ho an'ny PP amin'ny fitondrana vola dia 2 000 MGA monja, nefa ny vola entina lakana, lolohavina aza indraindray! Tsy mety raha toa ka ny asa fivelomana indray no zary loza mitatao ho an'ny aina !

▲ Yves RAKOTO

CHRONIQUE

Interventions financières de l'Etat: Politique de subvention à reconsidérer



Aides financières non remboursables effectuées à partir de fonds publics, les subventions sont matérialisées par des transferts financiers que l'Etat effectue au profit de bénéficiaires qui peuvent être de nature publique ou privée : Collectivités Territoriales Décentralisées, établissements publics et entreprises. Les transferts financiers constituent des postes sensibles de la dépense à plusieurs égards : (i) en amont, lors de la programmation budgétaire, ils peuvent être source d'abus, notamment à travers les marges de programmation que les Départements techniques des différents Ministères élaborent pour des motifs peu clairs, (ii) en aval ils ne font l'objet d'aucune mesure de contrôle et de suivi quant à leurs utilisations et à la destination finale des fonds. En effet, la plupart des fonds transférés se retrouvent au crédit des comptes de dépôt du Trésor, objets de mesures exceptionnelles, et par conséquent non frappés par la règle de l'annualité budgétaire tout en mettant des pressions supplémentaires sur la gestion de la trésorerie, d'autant plus que ces différents transferts accusent de sévères augmentations depuis ces dix dernières années.

TRANSFERTS AU SECTEUR PRIVÉ

Les transferts effectués au profit du secteur privé, par exemple, enregistraient des montants de l'ordre de 55 à 65 milliards MGA avant 2008. Entre 2009 et 2012, le montant de ces transferts s'élève à 177,4 milliards MGA, soit l'équivalent de la construction de 180 à 200 Km de routes nouvelles. Or aucun critère objectif n'a été fixé pour déterminer les entreprises bénéficiaires. Aucune transparence n'a été faite ni sur les noms desdites entreprises, ni sur les montants des transferts attribués, ni sur les destinations effectives des fonds. En plus, aucune évaluation n'a été faite sur les apports desdits transferts pour l'économie.

TRANSFERTS AUX AUTRES ORGANISMES PUBLICS

Les transferts aux autres organismes publics étaient de l'ordre de 10 à 15 milliards MGA annuels jusqu'en 2008, contre 80 milliards MGA en 2009, 93 milliards MGA en 2010 pour culminer à 128 milliards MGA en 2011. Le montant a excessivement augmenté chaque année et cela en pleine période de crise et de politique d'austérité. Et pourtant, on s'interroge sur ce que définit la notion d'« autres organismes publics », bénéficiaires d'autant de fonds, étant donné que seuls trois types d'organismes publics sont recensés : (i) l'Etat, dont les Services bénéficient déjà des crédits inscrits dans le budget général (ii) les Collectivités Territoriales Décentralisées, qui disposent de leurs budgets autonomes respectifs, tout comme (iii) les Etablissements Publics.

SUBVENTIONS ET AUTRES MESURES D'ACCOMPAGNEMENT ACCORDÉES AUX OPÉRATEURS PÉTROLIERS

L'Etat a décidé d'un certain nombre de mesures d'accompagnement afin de pallier aux préjudices subis par les opérateurs pétroliers. Parmi les mesures prises en 2011 figurent des subventions fixes à hauteur de 15 milliards MGA. Des subventions variables ont également été octroyées à hauteur de 50 MGA par litre sur les droits et taxes perçus sur les produits pétroliers après chaque importation. Le montant total décaissé par le Trésor Public dans le cadre de ces subventions variables s'élève à 16,673 milliards MGA au 30 août 2012. Des subventions complémentaires d'un montant de 47,799 milliards MGA ont, par ailleurs, été accordées afin de permettre aux compagnies pétrolières d'apurer leurs arriérés en Droits et Taxes d'importation pour l'année 2011. En marge de ces subventions, d'autres mesures ont également été mises en vigueur, telles que l'application d'un taux de change préférentiel (1 USD = 2000 MGA) pour la réalisation d'importations de produits pétroliers, ou encore la suspension de paiement de 25% des droits de douanes à l'importation ainsi qu'une extension à 180 jours de l'échéance de paiement desdits droits. La hausse des prix à la pompe en mars 2012 de 150 MGA par litre pour le supercarburant et le pétrole lampant ainsi que celle de 100 MGA pour le Gasoil n'a pas satisfait les compagnies pétrolières qui jugent les mesures mises en œuvre par le Gouvernement encore insuffisantes. En effet, les opérateurs pétroliers évaluent leurs préjudices à 152

milliards MGA, et estiment que la hausse qui aurait dû être pratiquée est de l'ordre de 600 MGA par litre de carburant.

VÉRITÉ DES PRIX NON PRATIQUÉE ET MANQUE DE TRANSPARENCE

La libéralisation du secteur pétrolier des années 2000 à Madagascar avait comme objectif la mise en concurrence des compagnies pétrolières au profit des consommateurs. L'une des conséquences logiques de cette mise en concurrence aurait dû être la pratique de tarifs différents selon les compagnies pétrolières et surtout au niveau de chaque station service. En effet, la structure de charges de chaque station service devrait différer selon un certain nombre de critères tels que la distance par rapport à l'approvisionnement, le volume vendu ou encore les charges fixes. Or à Madagascar ce n'est pas le cas. A l'image de la SOLIMA d'antan, monopole, toutes les stations service de l'Ile affichaient encore, jusqu'à il y a quelques mois, des tarifs identiques peu importe leur localisation géographique ou la compagnie d'origine des produits. On est en droit de se poser la question quant à la vérité des prix pratiqués par les stations service et surtout concernant l'intensité réelle de la compétition qui existe entre les compagnies : est-ce que les prix définis et arrêtés d'un commun accord entre les compagnies profitent effectivement aux consommateurs? Quoi qu'il en soit, un manque de transparence évident sévit dans le secteur et cela ne peut être qu'au détriment du consommateur final.

PILOTAGE À VUE DES SUBVENTIONS DE L'ETAT

Dans un contexte de blocage des prix à la pompe, le manque de transparence dans le secteur, à la fois de la part des organes de régulation et des compagnies pétrolières, concernant les prix des carburants pratiqués, impacte également sur les finances publiques: il a pour conséquence un pilotage à vue des subventions de l'Etat. En effet, les subventions accordées ainsi que les mesures d'accompagnement qui auraient dû être des opérations ponctuelles, ont tendance à s'étaler dans le temps au détriment de toute programmation budgétaire et des recettes de l'Etat. Aujourd'hui, deux compagnies pétrolières sur les quatre présentes à Madagascar ont augmenté leurs tarifs à la pompe sans l'accord préalable des organes de régulation. Les mesures d'accompagnement adoptées dans le cadre des prix bloqués à la pompe demeurent-elles en vigueur? Et jusqu'à quand? A-t-on pensé aux

impacts dévastateurs desdites mesures au niveau du Trésor Public?

OBJECTIFS ATTEINTS ?

Dans le cadre du blocage des prix à la pompe, quels auraient pu être les impacts sur la vie de la population? On aurait dû, dans un premier temps, évaluer les impacts de ces mesures sur la vie de la population, ensuite les comparer aux coûts pour en déterminer l'efficacité et l'efficience. Il faut savoir que les subventions ne constituent pas toujours des solutions pérennes. Le Cameroun, par exemple, envisage de supprimer les subventions du carburant à la pompe, jugées néfastes, puisque de plus en plus d'études montrent que « 70% des subventions au carburant Super étaient captées par les 40% des revenus les plus élevés, et que les 20% des revenus les plus faibles ne tiraient même pas 1% de ces montants. Les pauvres bénéficiaient de 13% des subventions sur le pétrole lampant ».

LE TRÉSOR PUBLIC NE SE LASSERA PAS DE CONSCIENTISER

Le Trésor Public interpelle l'opinion sur le caractère sensible et déterminant des opérations de transferts et de subventions, ainsi que sur les pressions qu'ils font subir à la trésorerie de l'Etat. Rappelons que le Trésor Public doit faire face à un gap de trésorerie mensuel minimum de l'ordre de 70 milliards MGA. Il appelle également à la prise de conscience ainsi qu'à la coopération de toutes les entités concernées pour que les dépenses en matière de transferts soient réalisées de la manière la plus transparente et la plus efficiente possible, et cela dans l'intérêt de tous. Les subventions constituent des mesures conjoncturelles mais non structurelles. L'avis est lancé, par exemple, pour le cas de la JIRAMA, bien que son secteur d'activité soit stratégique : La société ne se conforme pas aux règles de gestion d'une société commerciale avec les problèmes que cela engendre au niveau de sa gestion, elle continue depuis des années à pomper des subventions de l'Etat. En effet, la JIRAMA se trouve toujours dans une situation financière très critique malgré le versement ahurissant de 468,631 milliards que l'Etat lui a octroyé depuis 2006.

▲ Tojo Hasina RAKOTOSALAMA

GÉNÉRALITÉS

Faites connaissance avec la Trésorerie Générale Antsiranana

Installé dans la capitale du Nord de Madagascar, le poste comptable d'Antsiranana a été créé en 1912. C'était alors une Paierie - service excentrique de la Trésorerie Générale de Madagascar - dont la gouvernance a été assurée par des préposés du Trésor. Dénommée Trésorerie Principale pendant l'ère postcoloniale, elle a été érigée en Trésorerie Générale en 2006. La TG Antsiranana est un poste comptable supérieur. Elle compte un seul poste comptable rattaché : la Perception Principale Ambilobe.

Pages réalisées par
 ▲ Edmond EDWIN
 Andriamanaly Lauréat DINA


Actuellement, pour le cinquantenaire du Trésor Public malagasy, la Trésorerie Générale Antsiranana se met au diapason du nouveau slogan «Le Trésor Public malagasy demeure, évolue et se tourne vers l'avenir»... La TG Antsiranana poursuit ses efforts dans le sens de l'amélioration de la performance en matière de qualité de service. Ainsi, l'équipe de la TG s'efforce de réduire le délai de traitement

des dossiers tout en respectant les lois et réglementations. Elle améliore également les prestations fournies aux usagers. A ce titre, une culture de dialogue a été instaurée: ceux qui ont besoin d'une quelconque explication peuvent se présenter aux agents. Ces derniers ont alors le devoir d'orienter les usagers selon leurs besoins. Cette culture de dialogue garantit la transparence des procédures relatives à l'exécution comptable

des budgets. La TG Antsiranana pratique la veille systémique. Le trésorier et ses fondés de pouvoir se concertent régulièrement afin de faire une analyse approfondie du travail effectué. Il en tire alors les redressements à faire et les améliorations à apporter.

Le personnel en chiffres

Le fonctionnement de la TG Antsiranana est assuré par 26 agents dont 22 agents du Trésor et 06 agents détachés en provenance d'autres services et collectivités (Ex-Faritany Antsiranana, District d'Antsiranana II, Chambre de Commerce et d'Industrie Antsiranana et Commune Urbaine Antsiranana). Ils ont entre 24 et 59 ans. Néanmoins, force est de préciser que 50% de l'effectif total a plus de 45 ans. Avoir une telle équipe a des inconvénients mais également des avantages. Si le dynamisme



et le goût de l'apprentissage se trouvent réduits - ce qui est chose normale avec l'âge - la compétence n'est nullement atteinte. Au contraire ! Le dicton «Expérience vaut science» s'applique au personnel. Néanmoins, à la TG Antsiranana, c'est une équipe vieillissante qui a besoin de relève.

L'équipe de la TG travaille avec les moyens du bord

Les pensionnés confinés dans la salle de réception trop exigüe sont sujets à des évanouissements fréquents. Pendant les jours de grands paiements, les bousculades entraînent la perte des titres de pension, des pertes d'argent... Désormais, la distribution des titres de pension se fait sur le préau et le nombre de caisses est ramené à deux au lieu d'une seule en temps normal. Une solution qui, bien qu'encore non durable, est plus confortable pour les pensionnés : les altercations et confusions sont ainsi évitées et le temps d'attente est réduit.

Les coupures sont fréquentes (jusqu'à 6 ou 7 fois par jour). Heureusement que la TG dispose d'un groupe électrogène ! Bref, la TG Antsiranana se débrouille plutôt bien avec les moyens du bord. Les autres désagréments sont liés à des facteurs extérieurs au Trésor Public. A titre d'illustration, la date d'arrivée des courriers postaux relatifs aux titres de

pension n'est pas régulière. Ils arrivent le 21 du mois au plus tôt. Cette irrégularité de date entraîne des allées et venues des pensionnés pour savoir si leurs titres sont déjà disponibles. Une des aspirations de la TG Antsiranana est aujourd'hui la mise en place de caméras de surveillance pour renforcer la sécurisation des deniers publics.



La TG Antsiranana n'est pas différente des autres postes comptables : les papiers par milliers constituent l'environnement quotidien

Les chefs de poste successifs

2012 - ...	Edmond EDWIN
2002 - 2011	Rakitra Harilanto RAKOTOBE
1995 - 2002	Mariette Julia Ravaoarimanga RAKOTONIRINA
1990 - 1995	Robert RABETAFIKA
1985 - 1990	Jean MEHY
1982 - 1985	BEZOKY
1976 - 1982	Charles RANDRIANASOLO
1972 - 1976	Jean Felicitin ANDRIANANTOANINA
1971 - 1972	Eugene RAKOTOARISOA
1966 - 1971	Celien RANDRIANDRASANA
1965 - 1966	RAMAROSANDRATANA
1964 - 1965	Henri RATSIMBAZAFY
1961 - 1964	Roger HENREYON
1957 - 1961	Jean Baptiste MORARD

GÉNÉRALITÉS

Le saviez-vous ?



Perception Principale Ambilobe, une insalubrité permanente

La Perception Principale Ambilobe est le seul poste comptable faisant partie du réseau comptable du Trésor rattaché à la Trésorerie Générale Antsirana. Cent trente cinq kilomètres séparent les deux villes. Actuellement, il faut en moyenne quatre heures pour relier ces deux localités. Cette durée traduit l'état des routes entre ces endroits. La PP est assignataire des dépenses et des recettes inscrites du budget de la

commune urbaine Ambilobe et mandataire des opérations du budget général de l'Etat. Nombreux sont les problèmes rencontrés et subis par les agents de la PP Ambilobe dans l'accomplissement de ses missions : mauvais état des infrastructures, manque de moyens humains et matériels...

Délabré, le bâtiment abritant la PP Ambilobe est occupé en commun avec le service du district de la ville. Cette situation

reflète en premier lieu une vulnérabilité de la sécurisation des deniers publics si la sécurisation ainsi évoquée requiert une autonomie de l'établissement où sont gardés les valeurs et fonds publics. En second lieu, les portes et les verrous ne sont pas assez forts et ne peuvent résister en aucun cas à une moindre effraction. En outre, ce bâtiment ne dispose pas de commodités (WC et toilette). De plus, chaque matin, il faut ouvrir et aérer la salle avant d'y entrer à cause des odeurs de moisissures et surtout d'excréments de «kananavy».

La PP Ambilobe compte à présent quatre (04) agents dont trois (03) relevant de la Direction Générale du Trésor et un agent détaché du service du District. Vu le volume des opérations effectuées avec l'exécution du budget de la commune gérée, le nombre de personnel du poste est insuffisant pour une bonne performance.



Le bâtiment de la PP Ambilobe ne va plus tenir très longtemps...



... Le plafond sert de refuge aux chauve-souris !

INTERNATIONAL

La Banque Africaine de Développement (BAD) soutient la population de Brickaville

Le Ministre des Finances et du Budget, les représentants résidents, respectivement de l'UNICEF et de la BAD ont signé un accord de don d'un montant de 1 million USD le 23 août 2012 à Brickaville. Remettre en état les infrastructures sociales (écoles et hôpitaux) ravagées par les cyclones Giovanna et Irina. Telle est la destination de ce fonds. C'est une aide d'urgence qui témoigne de l'engagement de la BAD à soutenir inconditionnellement la population malgache, a précisé le

représentant de cette institution lors de son allocution. Brickaville a été en effet parmi les localités les plus touchées par les cyclones confirme le représentant de l'UNICEF. Ainsi, 34 salles de classe et 3 centres de santé de base seront réhabilités. Il est à rappeler que cet accord de don est le quatrième aide d'urgence octroyé à Madagascar depuis 2009, soit en tout 4 millions USD dont 1 million USD pour les victimes du cyclone Fanele (2009), 1 million USD pour les victimes du cyclone Bingiza (2011),



Une poignée de main scelle l'accord

1 million USD pour la lutte contre la poliomyélite, la peste et la rage (2012). «Cet accord aurait pu être signé dans les locaux du Ministère des Finances et du Budget, mais le déplacement à Brickaville des autorités traduit la



Le CEG de Brickaville sera bientôt réhabilité

politique du Ministère qui consiste à se rapprocher davantage des bénéficiaires», dit le Ministre des Finances et du Budget.

▲ Rivolala RANDRIANARIFIDY

ACTUALITÉS

Olan'ny mpiasam-panjakana :

Mitovy « catégorie » nefa samy hafa « grille indiciaire » ...



Fiofanan'ireo PPF tamin'ny taona 2011

O lana miverimberina eo amin'ny mpiasam-panjakana ny resaka *catégorie*, *indice* ary karama. Voakasik'izany ihany koa ny mpiasan'ny Tahirimbolam-panjakana. Tsy latsa-danja amin'ny mpiasam-panjakana hafa izy ireo, nefa dia toa zandriny indrindra raha ny karama sy ny tambinkarama no jerena. Toa tsy mifanaraka amin'ny vesatry ny asa iandraiketany ny vola raisiny. Ny *indemnité de risque* azon'ireo mpitondra volam-bahoaka, ohatra, dia 2 000 MGA monja kanefa maro amin'izy ireny no mandeha antongotra an-kilometatra maro, misy ihany koa ireo voatery miampita rano amin'ny lakana... Ireo *Percepteurs Principaux des Finances* (PPF) no tena voakasik'io olana io. Fifaninanana no andraisana azy ireo eto amin'ny Tahirimbolam-panjakana ka mari-pahaizana *Bacc+2* no takina aminy ary miofana herintaona mahery izy ireo vao afaka mandray asa. Ny PPF miana-draharaha dia ao amin'ny sokajy fahadimy ary manana *indice* 650. Afaka milahatra amin'izy ireny ve ireo antokom-piasa izay raisina amin'ny *Bacc* toy ireo *agents paramédicaux* ? Izy ireo anefa dia mahasahy mitaky ny *indice* 1200, izany hoe mihoatra lavitra noho ireo *Inspecteurs du Trésor* izany mifaninanana amin'ny *Bacc+4* ary mandalo fiofanana mandritra ny roa taona ary voasokajy araka ny lalàna ao amin'ny *catégorie* 8 ! Izy ireo ihany koa dia mitaky *indemnité de risque*, satria hono manindrona marary. Ampahafiriny ireo mpitana volam-bahoaka voateritry sy voarahona

ary maty novonoina mihitsy aza noho ny fitiavam-bola moa izy ireo? Efa maro ireo fitakiana sy antso avo natao saingy tsy nisy nivaly. Izany moa atao hahagaga? Na samy mitaky tokoa aza ny mpiasam-panjakana isan-tokony, tsy mitovy ny vahaolana azo. Ny tsy mitaky na inona na inona rahateo dia tsy mahazo na inona na inona.

Mizaka ny mafy ny mpiasan'ny Tahirimbolam-panjakana

Raha tsy asiana resaka lava ny amin'ny hoe «mitovy ny mari-pahaizana hanaovana fifaninanana nefa tsy mitovy ny sokajy (*catégorie*) rehefa miditra miasa» toy ny *Magistrats (Catégorie 10)*, ny *Administrateurs Civils (Catégorie 9)* ary ny *Inspecteurs (Catégorie 8)* izay samy mifaninanana amin'ny *maîtrise* na *Bacc+4*, dia tsara ny manamarika fa mbola maro ireo mitovy *catégorie* nefa tsy mitovy *indice* iaingana. Zovy no mbola tsy mahalala fa raha ny *catégorie* 8 ohatra dia misy karazany 3 farafahakeliny ny *grille indiciaire* ao amin'io sokajy io araka ny sata mifehy azy avy. Ny *indice* ho an'ireo mpiana-draharaha ohatra dia misy 950, 1550 ary 1600...

Tsy misy tsy mahalala, ary zary toa lasa odian-tsy fantatra, odian-tsy hita ary odian-tsy re io olana goavana mihatra amin'ny samy mpiasam-panjakana io. Mbola hodian-tsy hita ve ny filaharan'ny *catégorie* 3 sasany amin'ny ankamaroan'ny *catégorie* 8, izay samy manomboka amin'ny *indice* 950 avokoa? Mbola hodian-tsy fantatra ve fa ny *catégorie* 3 manomboka amin'ny *indice* 500, dia tsy hahatratra ny *indice* 950

raha tsy afaka 19 taona niasana, ka ahatatongavany eo amin'ny laharan'ny *classe principale, 3e échelon* ?

Tsy misy reclassement

Tsy ary ho voatanisa raha ireo fahasamihafana eo amin'ny samy *catégorie* mitovy eo amin'ny mpiasam-panjakana Malagasy. Anisan'ny olana goavana, ary antony lehibe mampandringa ny asam-panjakana izany.

Mahakivy ny mpiasa ihany koa ny tsy fahazoana manao ny *reclassement* ho an'ireo mpiasam-panjakana nanao fifaninanana. Raha ny fijery tsotra, dia rariny izany satria izay no fifanekena nataony tamin'ny mpampiasa izay tsy iza fa ny fanjakana ! Etsy ankilany kosa anefa dia azon'ireo *agents contractuels* tsara ny manao izany *reclassement* izany.

Tsy misy tambinkarama manokana nefa azon'ireo mpiasa noraisina tamin'ny alalan'ny fifaninam-pirenena, noho izany, mitovy tanteraka ny karama raisiny sy ny karama raisin'ny agent contractuel iray manana ny mari-pahaizana nandraisany anjara tamin'ny fifaninanana, noho izany, tokony ho samy afaka hanao *reclassement*.

Tambinkarama tsy mitovy

Eny fa na dia ny tambinkarama aza dia isian'ny ny mizàna tsindrian'ila. Marina ary ekena fa tsy voatery hitovy ny rehetra amin'io lafiny io fa arakaraka ny sokajy sy izay mampiavaka azy mifandraika amin'ny asany sy ny andraikitra iantsorohany ny tambinkarama azo. Raha ny ao amin'ny Tahirimbolam-panjakana ohatra dia 14.000 MGA monja ny tambinkarama momba ny fanofana trano na *indemnité de loyer*. Ampahatsiahivina etoana fa *indemnité de loyer* 300 000 MGA no nampitabataba ny *Magistrats* satria tara ny fandoavana azy. Moa tsy samy manan-jo feno honina amin'ny trano mendrika avokoa ve ny mpiasam-panjakana tsirairay? Hadisoan'ny hafa ary ve ny mitaky ny mba hahazoana *Indemnité de loyer* 200.000 Ar mitovy amin'ny mpiasam-panjakana sasany na koa hatramin'ny 50%-n'ny karama izay raisina? Noho ny tsy fananan'ny Fanjakana trano ary moa dia voatery

manofa trano ireo mpiasa voatendry handeha lavitra ka mety ho ny antsasa-karama mihitsy no lany amin'izany. Rariny ve izany ?

Eo ihany koa ireo mpampianatra mpikaroka mitaky *indemnité de logement* 600 000 MGA sy *indemnité de risque* 300 000 MGA... sady mbola omena tany ! Rariny ve ?

Mazàna dia voateniteny sy voatondro molotra ny mpiasan'ny Ministeran'ny Vola sy ny Tetibola noho ilay *reliquat* mitentina 2 200 000 MGA ISAN-TAONA. Toy ny karama rehetra azon'ny ministera hafa io ary iraisan'ny mpiasan'ny Tahirimbolam-panjakana sy ny mpiasan'ny Hetra rehetra eran-tany.

Amin'izao fotoanan'ny krizy izao, dia mangina ny mpiasan'ny Tahirimbolam-panjakana, saingy mampahafantatra kosa fa tokony hampitoviana lenta ny mpiasa rehetra. Raha ny lalàna dia tokony hifanaraka amin'ny mari-pahaizana ny asa sy ny karama.

Tsy mahagaga ankehitriny raha misesilany ny fitakiana isan-karazany ataon'ny vondrona sendikaly na fikambanana mpiara-miasa eo anivon'ny asam-panjakana. Mampantony tena hatrany ny antonantony isian'ny mizàna tsindrian'ila amin'ny samy mpiasam-panjakana. Misy ve sokajin'olona omen-danja kokoa ao anatin'ny samy mitovy *catégorie* na mitovy fari-pahaizana? Tsy samy manana ny maha izy azy eo amin'ny sehatr'asany avy ve ny mpiasam-panjakana rehetra? Tsy misy azo atao ankilabao fa samy miantoka ny fampandehanan-draharaha sy ny fampandrosoam-pirenena izy ireo.

Ho an'ny mpiasan'ny Tahirimbolam-panjakana manokana, dia tsy ampahambahambana no ilazana fa anisan'ireo mafy asa sy miantsoaka andraikitra mavesatra indrindra izy ireo. Ka raha miohatra amin'ireo mahazo valiny mahafa-po tamin'ny fitakiana izay nataony, sy ireo mitovy *catégorie* aminy nefa manatombo amin'ny mari-karama, inona no antony tsy ahazoany lenta mitovy amin'ireo manana tombon-dahiny ireo?

ACTUALITÉS

Saika nakatona ny Perception Principale (PP) Analalava

Nanomboka ny volana janoary 2012 lasa teo dia miatrika olana ny Perception Principale Analalava noho ny tsy fisian'ireo mpitandro filaminana tokony hiambina ny birao eny an-toerana. Nisy araka izany ny fihaonan'ireo tompon'andraikitra ambony ao Analalava – Chef de District sy ny Commissaire de Police – izay nandinihana ny fepetra horaisina ho fiarovana ny Perception. Ny lalàna mifehy ny fiarovana ny volam-bahoaka tokoa mantsy dia manambara mazava tsara

izany fa anjara asa sy andraikitra ny mpitandro filaminana tanteraka ny miambina andro aman'alina ny volam-bahoaka tehirizina eny anivon'ny birao sy ny sampandraharahan'ny Tahirimbolan-panjakana rehetra, ka anisan'izany ny eny anivon'ny Perception Principale.

Tsy ampy ny olona tao amin'ny Commissariat Analalava

Na teo aza ny fifampidihana maro dia mbola tsy nisy ihany ny fiarahamiasa tamin'ny volana jolay. Ny tsy fahampian'ny olona tao amin'ny Commissariat ao Analalava no

anisan'ny antony voalaza. Voatery nandray fepetra araka izany ny Tahirimbolan-panjakana ka nanambara fa hanakatona mandritra ny fotoana tsy voafetra ny PP noho ny tsy fandriampahalemana sy ho fiarovana ny volam-bahoaka.

Nakatona ny biraon'ny PP Analalava

Ny volana aogositra lasa teo no nikatona ny birao. Nanaitra ny tompon'andraikitra teo an-toerana izany na dia efa nampandrenesina dieny mialoha aza izy ireo. Nisy nilaza mihitsy aza fa tsy rariny ny

fanakatonana ny PP. Niverina nifampidinika indray ny *Chef de District* sy ny *Commissaire de Police* ary ny *Percepteur Principal*. Tapaka tamin'izany fa hisy vahaolana ho an'ny Tahirimbolan-panjakana avy amin'ireo tompon'andraikitra ireo mba hisian'ny fiaraha-miasa maharitra. Marihina fa efa nisokatra sy niverina misahana ny asa amandrahahany andavanandro ny PP Analalava eo am-piandrasana izany vahaolana izany.

▲ Bakoly RAHAMELSON

Manomboka tafita ny hafatry ny Tahirimbolan-panjakana



Ny ampahany amin'ny andiany FILAMATRA

“Fanjakana tsara tantana, antoky ny fampandrosoana maharitra». Izany no teny

faneva nosafidin'ireo *Attachés d'Administration* 549 vao navoakan'ny *Institut National de Formation Administrative* (INFA) izay mitondra ny anarana hoe FILAMATRA na Fitiavana Isondrotra Laharana ho *Attachés d'Administration* Tena RAitra. Mifanaraka tsara amin'ny foto-kevitra ijoroan'ny Tahirimbolan-panjakana izany teny faneva izany : fitantanam-bola madio ao anatin'ny fanajana ny lalàna - *orthodoxie financière* sy *bonne*

gouvernance. Ny ambetin-teny nandritra ny lahateny nifandimby dia ny hoe : ho mendrika, ho filamatra eo amin'ny asa. «Ny fahaizana mifehy tena sy ny fanajana ny lalàna no tokony himasoana satria ny fahalotoana eo anivon'ny fitantanana no mampahantra ny Firenena» hoy ny ny Tale Jeneralin'ny Tahirimbolan-panjakana, ray mpiahy ny andiany Filamatra.

Tao amin'ny lapan'ny kolontsaina sy ny fanatanjahan-tena

Mahamasina, ny 22 aogositra 2012 ny famoahana io andiana *Attachés d'Administration* io. Marihina fa voalohany amin'ireo nanao *formation à distance* teny anivon'ny Faritra 22 izy ireo.

▲ Mbolatiana ANDRIAMANALINA Valérie RAKOTOSON

Haja RAMANALINARUAONA, Mpiasan'ny DGE Amparibe



«Noho izy tsy olona politika sady manampahaizana no nisafidianany ny Tale Jeneralin'ny Tahirimbolan-panjakana. Olona manana ny foto-kevitra ijoroany, sy soatoavina izay mifanaraka amin'ny teny faneva novoizinay mpianatra».

Harimalala RANDRIANARISOA, Mpiasan'ny Tahirimbolan-panjakana



“Mbolatanora, ary amin'ny maha teknisianina azy dia mahay resaka *Administration* no nahatonga ny safidinay nitodika tany amin'ny Tale Jeneralin'ny Tahirimbolan-panjakana”.

Tafafindra tanteraka eny Ampefiloha ny DRSEFP

Tontosa ny faran'ny volana Aogositra lasa teo ny fifindran-toeran'ny Direction de la Régulation du Secteur Financier et du Portefeuille (DRSFP) ka etsy amin'ny *Immeuble Solima* taloha avokoa ny sampandraharaha rehetra ao aminy. Tanjona tratrarin'ny Foibem-pitondran'ny

Tahirimbolan-panjakana mantsy ny hampivondrona ny Direction tsirairay amin'ny toerana iray. Efa tanteraka izany ho an'ny DBIV, ny DE, ny DDP ka anjaran'ny DRSEFP indray izao. Ny DCP ihany koa dia efa manomboka mifindra ao ambonin'ny RGA.

▲ Ony Nandrianina RABENANTOANDRO

SERVICES	ETAGES
Service des Assurances	1er étage
Service du Portefeuille et des Participations de l'Etat	2ème étage
DRSFP (Directeur et Secrétariat)	4ème étage
Service du Suivi des Opérations de Change	5ème étage

VAHININTSIKA

Judicaël Tsarabory TAHINY

Sekretera Mpanatanteraka - Extractive Industries Transparency Initiative (EITI)

Mitana anjara toerana lehibe eo amin'ny toekarena malagasy ny fitrandrahana solika sy ny harena an-kibon'ny tany. Fantatra fa mahatratra 96 %-n'ny fampiasam-bola goavana eto amintsika dia miompana amin'izany avokoa. Mampidi-bola betsaka ao anatin'ny kitapom-bolam-panjakana ihany koa ity seha-pamokarana ity. Noho izany dia ilaina ny mangarahara eo amin'ny fitantanana izany fitrandrahana ny harena an-kibon'ny tany izany mba hisy fiantraikany mivantana amin'ny fiainam-bahoaka. Manazava Andriamatoa Judicaël Tsarabory TAHINY, Sekretera Mpanatanteraka ao amin'ny EITI.

Gazety TAHIRY : Mba azonao hazavaina aminay ve ny mikasika ny EITI sy ny asa iandraiketany eo amin'ny sehatry ny fitrandrahana ny harena an-kibon'ny tany eto Madagasikara?

Judicaël Tsarabory TAHINY : N i a i n g a tamin'ilay atrikasa Strategic Decision Meeting teny lavoloha tamin'ny 06 septambra 2006 ny fanapahan-kevitra hidirana tao amin'ny EITI. Fantatra mantsy fa manan-danja tokoa eo amin'ny toekarena malagasy ny harena an-kibon'ny tany. Nifanaraka ary ny Fanjakana Malagasy sy ireo orinasa mpitrandraka harena an-kibon'ny tany ary ireo mpiara-miombona antoka fa hiditra amin'ny fenitra EITI isika. Tamin'ny taona 2008 isika vao voaray tamim-pomba ôfisialy ny fangatahana hidirana ho mpikambana. Nanome vola mitentina 350.000 USD ho fanampiana ny Banky Iraisam-pirenena. Nipoaka anefa ny krizy ny taona 2009 ka niato avokoa ny dingana efa vita. Rava ny Komitim-pirenena tamin'ny faramparan'ny taona 2009. Sarotra ny fandrindrana teo anivon'ny rantsana nandrafitra ny komity ary tsy nazava tamin'ny ireo orinasa mpitrandraka maro ny zavatra notakiana tamin'ny nahafahana namolavola ny fandaharan'asa. Noho ireo olana maro samihafa dia nahazo fanalavampotoana herin-taona i Madagasikara mba hanaovana tatitra mikasika ireo ezaka rehetra natao. Tamin'ny martsa 2010 kosa dia nivoaka ny tatitra savaranonandon'ny Banky Iraisam-pirenena, na *rapport pilote*. Mirakitra ny asan'ny orinasa mpitrandraka QMM Rio Tinto sy Ambatovy izany tatitra izany. Ny volana jona 2011 vao vita ny tatitra nataon'ny Komitim-pirenena vaovaon'ny EITI Madagasikara. Saingy nilatsaka ny fanapahan-kevitra ry zareo hampiato an'i Madagasikara ny 24 oktobra 2011 noho ny toe-draharaha ara-politika misy eto amin'ny firenena. Nomena 1 taona fanampiny indray i Madagasikara hanalana izay fampiatona izay, ka hatramin'ny 24 oktobra 2012. Mihasarotra ny raharaha ankehitriny. Niezaka hatrany ny Sekretaria Mpanatanteraky ny EITI Madagasikara handresy lahatra ny rehetra saingy be loatra ny sakana. Manomana tatitra ara-teknika feno arak'izay azo atao izahay mba hiomanana amin'izay mety ho fanapahan-kevitra ny foibe EITI eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena.



Judicaël Tsarabory TAHINY, Sekretera Mpanatanteraka - EITI

GT : Inona no antony naharava ny komity? Tapaka ve ny famatsiam-bola 350.000 USD avy tany amin'ny Banky Iraisampirenena sy ny 625.000 USD avy tany amin'ny Banky Afrika momba ny Fampandrosoana?

JTT : Azo lazaina fa tsy nisy vola loatra niasan'ny komity tamin'ny voalohany. Nisy fepetra 4 tsy maintsy nofenoina raha vao tapa-kevitra isika momba ny EITI. Tafiditra ao anatin'izany ny fametrahana Komitim-pirenena ivondronan'ny telo tonta: Ny mpiara-miombona antoka, ny Fanjakana ary ny orinasa mpitrandraka. Mamolavola sy manoratra ny fandaharan'asa no andraikiny voalohany. Tsy dia nazava loatra tamin'ny ankamaroan'ny mpikambana tao amin'ny komity ny tanjon'ny EITI hany ka nananosarotra ny fanoratana ny fandaharan'asa. Vitsy koa ireo orinasa mpitrandraka nilatsaka an-tsitra-po natao fanadihadihana tahaka ny QMM Rio Tinto, ny Kraoma sy ny Ambatovy. Taty aoriana moa dia nandray fepetra mihitsy ny Fanjakana ary namoaka didim-pitondrana ny Minisiteran'ny Harena an-kibon'ny Tany ho an'ireo minia tsy mamoka ny antontan'isa ilaina. Ohatra amin'izany ny fanerena nahazo ny vondron'orinasa sinoa Wisco hanambara izay hetra naloany mba hahafahana nanao ny fampitahana sy fanambarana EITI. Ankoatr'izay dia tara be ilay famoahambola 350.000 USD noho ny krizy na dia efa nosoniavina ny 26 desambra 2008 aza. Ny vola 625.000 USD avy tany amin'ny BAD

(vita sonia ny 15 janoary 2009) kosa dia nosintoniny indray noho ny krizy ka tsy azo intsony mandrak'ankehitriny. Teo ihany koa ny fangatahana antontan'isa tany amin'ny Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, izay tsy nahazoam-bokatra tamin'ny fotoan'androny satria voaran'ny lalàna momba tsiambaratelon'ny fandoavan-ketra. Rehefa tafatsangana kosa ny Komity vaovao dia nanery ankolaka ny Banky Iraisampirenena sy ny Sekretaria Iraisampirenena eo anivon'ny EITI mba hanafainganana ny famolavolana sy fanolorana ny fandaharan'asa. Raha efa izany dia nanao tolo-bidy ny Komitim-pirenena mba hakana mpanara-maso mahaleo tena mba hitsara azy io. Tsy maintsy natsangana ny Sekretaria Mpanatanteraka EITI Madagasikara hanaraka ny fivoaran'ny asa. Ilay vola 350.000 USD tany amin'ny Banky Iraisampirenena no nampiasainy hatreto. Tsy ampy intsony anefa io vola io satria io no niasana nandritra ny roa taona raha tokony 6 volana.

GT : Inona avy ireo fepetra noraisin'ny Komitim-pirenena sy ny Sekretaria Mpanatanteraka?

JTT : Manana karazana fitsarana ny tatitra sy ny fanarahana ny fandaharan'asa ny eo anivon'ny EITI. Manana mpitsara manokana 13 maneran-tany izy amin'izany ka anjaran'ny firenena voasedra no misafidy amin'ny alalan'ny tolo-bidy izay mety ho mpitsara azy . Ny orinasa Monkey Forest no voafidy hitsara ny tatitri Madagasikara tamin'ny jona 2011. Nanome valin-teny io orinasa mpitsara io fa manakaiky ny fanarahampenitra i Madagasikara saingy ny foibe EITI no nampiato antsika nohon'ny antony ara-politika tsy mety milamina. Hatreto aloha dia miomana sy miezaka mameno ireo tatitra hafa mety ilanin'ny EITI iraisampirenena izahay. Tokony hivoaka ato ho ato io tatitra io. Ao koa ny fangatahana famatsiam-bola vaovao satria manko ho tapitra amin'ny 30 septambra ho avy izao ny fampiasana ilay vola 350.000 USD.

GT : Aiza ho aiza kosa ny fiarahamiasan'ny EITI sy ny BIANCO amin'ny resaka kolikoly ? Manambara mantsy ny tatitra navoakanareo tamin'ny taona 2011 fa mahatratra 116 tapitrisa USD ny vola mivezivezy ao anatin'ny sehatry ny fitrandrahana, vola izay mameno

VAHININTSIKA

(Tohiny)

hatramin'ny 96% ny vola miditra amin'ny Fanjakana eo amin'io sehatra io. Nisy koa ny tsy fitoviana 1,28% ny sora-bola amin'ny ankilany, izany hoe nahazo mihoatra ny Fanjakana. Mety misy ambadika kolikoly ve izany sa tena nisy fahasamihafana tokoa ny tarehimarika?

JTT : Tsy dia mitovy ny anjara asan'ny BIANCO sy ny EITI. Ny BIANCO dia mandray, manadihady ary manenjika sy mitovy ireo manao kolikoly amin'ny sehatra rehetra. Ny EITI kosa dia momba ny fitrandrahana ihany no iandraiketany fa tsy afaka manenjika izy. Ny fampahafantarana sy ny fanaparahana ny tatitra momba ny fitrandrahana ny harena an-kibon'ny tany ihany no tena anjara andraikitra ny EITI. Mikasika ny tsy fitovian'ny tarehimarika kosa indray: Raha ny 1,28%-n'ny sora-bola mihoatra noraisin'ny Fanjakana dia tarehi-marika tsy mitovy no nahatonga azy io. Ny antony dia ny tsy fitovian'ny fanisana ny taona fandoavan-ketra na ny année fiscale: Ho an'ny Fanjakana dia manomboka janoary hatramin'ny desambra, ho an'ny orinasa mpitrandraka kosa manomboka ny jolay ka hatramin'ny aogositra. Ao koa ny tsy fitovian'ny fomba fiasa sy ny kaonty ary ny sandam-bola ampiasaina, ny fifanakalozana vola Ariary sy ny vola vahiny (USD, EURO) sns., kanefa fampitahana foana no atao hany ka lasa misy tsy fitoviana ho azy.

GT : Inona no anton'ny mampisalasala ny orinasa sinoa tahaka ny Wisco, izay efa nandoa 100 tapitrisa USD sy ny Mainland?

JTT : Samy manana ny kolontsainy ny firenena tsirairay. Misy ireo tsy misalasala mampiharihary ny sora-bolany sy ny kaontiny. Ny tandrefana no tena manana an'izay fomba fiasa izay. Ny fahazarany mampihatra

ny fangaraharana dia noho izy ireo manana orinasa mampihatra tanteraka ny mangarahara eo amin'ny fitantanana. Saingy ny tatsinanana kosa dia tsy tia misehoseho amin'ny ankapobeny. Hany ka lasa voatery naka fepetra ny Fanjakana Malagasy hampihatra didim-panjakana manery azy ireo hampanjaka izay fangaraharana izay. Tsy misy resaka ambadika tsy akory sanatria fa ny fandresen-dahatra ny rehetra hanaraka ny fepetra EITI no tanjona, ka ho fanjakana tsara tantana hatrany no voizina.

GT : Ahoana indray kosa ny fampiharana ny lalàna mikasika ny fampiasambola be amin'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany na ny Loi sur les Grands Investissements Miniers (LGIM)? Anjara asan'iza no manaramaso azy?

JTT : Tsy dia anjaran'ny EITI loatra ny fanarahamaso ny LIGM fa ny Ministeran'ny Harena an-kibon'ny Tany no tena tompon'andraikitra voalohany mampihatra azy io. Tahaka izany koa ny fandraisana andraikitra ny orinasa na ny Responsabilités Sociétales des Entreprises RSE sy ny kalitaon'ny fiarovana ny tontolo iainana Management Environnemental ISO 14 001 ohatra. Tsara raha ny tompon'andraikitra eo anivon'ny orinasa mpitrandraka mihitsy no anontaniana momba ny paika hampihariny ireo amin'izany. Betsaka loatra manko ny resaka mandeha momba ny fiantraikan'ireny tetik'asa ireny amin'ny vahoaka manodidina, na ara-pahasalamana izany, na amin'ny famokarana asa eny fa na dia ny tontolo ianana aza.

GT : Fa inona loatra no anton'ny ihazakazahan'ny orinasa mpitrandraka harena an-kibon'ny tany eto Madagasikara?

JTT : Maro karazana ny harena an-kibon'ny tany hita eto Madagasikara saingy tsy azo hadinoina koa fa mbola eo amin'ny sehatry ny fitiliana na ny *exploration* ny ankamaroan'ireo orinasa mpitrandraka ireo. Indraindray aza mandany am-polo-taonany maro vao mahazo vokatra mahafa-po. I QMM Rio Tinto sy Kraoma ohatra no manana fahazoan-dalana hitrandraka na *permis d'exploitation*, ny tetik'asa Ambatovy mbola tsy manana fahazon-dalana hanomboka ny fitrandrahana na *permis d'opérer* na dia efa nandany 5,5 lavitrisa USD aza. Ny antony mahasarika ny orinasa mpitrandraka eto amintsika dia ny fitomboan'ny filàna any Inde sy Chine. 80%ny filàna eran-tany dia any amin-dry zareo sinoa avokoa. Ary ireo harena an-kibon'ny tany trandrana ireo dia entina hanamboarana zavatra maro ilaina amin'ny fiainana andavan'andro : fanorenana trano, vy, ny loko, akora fanampiny ilaina hanamafisana ny vy, sns.

GT : Inona no teny farany tianao hampitaina eto am-pamaranana?

JTT : Misy ireo ezaka efa vita tamin'ny fidirantsika tao anatin'ny EITI na dia teo aza ny olana isankarazany. Mbola betsaka koa anefa ny tokony hatao. Ny tanjona dia ny fametrahana ny mangarahara eo amin'ny fitantanana ny vola azo avy amin'ny fitrandrahana ny harena an-kibon'ny tany. Fepetra takian'ny fanantontoloana na ny mondialisation izany fampiharana ny mangarahara izany. Ilaina ny fiarahamiasa eo amin'ny mpiara-miombon'antoka sy ny fanjakana ary indrindra ireo orinasa mpitrandraka.

▲ Rivolala RANDRIANARIFIDY
H. ANDRIANJAZA

ACTUALITÉS

Masoivoho ao Bruxelles : Nahazo Agent Comptable vaovao



Ny Masoivohon'i Madagasikara any Bruxelles

Tontosa ny 3 aogositra 2012 ny fametrahana an-dRamatoa RONDROARISANDY ho *Agent Comptable* miasa eo anivon'ny Masoivohon'i Madagasikara ao Belgique. Solontena roa avy aty amin'ny Foibem-pitondran'ny Tahirimbolam-panjakana no nanara-maso izany. *Contrôleur du Trésor*, mpanao visa tao amin'ny Paierie Générale d'Antananarivo Ramatoa RONDROARISANDY talohan'izao fanendrena azy izao. Tafita tamin'ny ffinaninana anatin'ny tamin'ny taona 2011 izy ka

handimby an-dRamatoa Francine Lydia RAFIDISON, *Agent Comptable* nanomboka tamin'ny taona 2004, izay handeha hisotro ronono. Ny fanarahana ny didy aman-dalàna mifehy ny asa iandraiketany ihany no hery entin'ireo *Agents Comptables* manantanteraka ny adidy mavesatra napetraka aminy. Ramalina aza hono mifehy hazo tokana.

▲ Hanitra RANDRIANIRINA

INVITÉ DE L'ÉCONOMIE

Benitany RANDIMBY**Secrétaire Général du Fonds d'Entretien Routier (FER)**

Les routes sont un levier de la croissance économique. Elles garantissent la libre circulation et les échanges de biens et services. Leur entretien est d'une importance capitale pour que les localités puissent être des servies sans interruption toute l'année. Politique d'entretien, dilemme avec les compagnies pétrolières,... Randimby BENITANY, Secrétaire Général du Fonds d'Entretien Routier (FER) en parle.



«Le rôle du FER est de gérer des fonds» soutient son Secrétaire Général

Gazety Tahiry : Pourriez-vous nous présenter brièvement le FER ?

Benitany RANDIMBY: Le FER est une entité qui a été créée spécialement pour financer l'entretien routier à Madagascar. L'objectif de l'Etat lors de sa création était de séparer la mission régaliennne, responsabilité du Ministère des Travaux Publics, et la mission d'exécution des travaux. Cette séparation fait d'ailleurs partie des recommandations des bailleurs de fonds. Il est spécial en termes de statuts car il gère des fonds publics avec des allègements des procédures.

GT : En matière de réhabilitation, quelles catégories de route sont concernées par le FER ? Sur quels critères le choix de ces routes repose-t-il ? Parlez-nous de votre politique.

BR: Le FER s'occupe principalement des Routes Nationales (RN). Cela n'exclut pas toutefois les autres catégories de routes ni les travaux d'urgences (coupures de route en période cyclonique). L'élaboration des programmes,

le choix des alternatives techniques, l'identification des axes d'intervention sont du ressort du Ministère des Travaux Publics avec l'Autorité Routière de Madagascar (ARM) à travers les directions inter régionales et régionales. L'attribution du FER se limite à la gestion des fonds et à l'optimisation des ressources pour financer l'entretien routier. Actuellement les ressources ne sont pas suffisantes. Le FER tourne avec 25% de sa capacité normale. Le défi est d'optimiser ce peu de ressources par rapport à la répartition géographique, à l'importance des dégâts, des catégories de routes,... suivant la convention programme provenant du ministère de tutelle. Il faut noter que l'optimisation de toutes les ressources (personnes, informations, argent, matériels...) n'implique pas forcément une réduction de coût.

GT : Quelles sont vos obligations ?

BR: Toute décision stratégique du FER doit avoir l'aval du Ministère des Travaux Publics (ministère de tutelle technique) et du Ministère des Finances et du Budget

(ministère de tutelle financière). Nous devons élaborer des états financiers certifiés par des cabinets d'expertises comptables et subir une mission d'audit externe annuel financé par les bailleurs de fonds de Madagascar. Par ailleurs, pour garantir la transparence de la gestion, toutes les informations relatives au FER doivent être accessibles (les ressources et leurs affectations, les marchés...). Les RN (12 000 km) doivent être entretenues chaque année, mais en raison de l'insuffisance des ressources, une politique de priorisation s'impose. Nous disposons de tableaux de bord annuels avec des indicateurs de performance.

GT : D'où proviennent les ressources du FER ?

BR: Les ressources propres proviennent des Redevances sur l'Entretien des Routes (RER) prélevé sur les prix à la pompe du carburant sur la base de la déclaration effectuée par l'importateur et fixé par les ministères de tutelle. Il y a également les transferts :

(i) les ressources allouées au MTP mais transférée directement au FER et (ii) les fonds transférés par d'autres bailleurs de fonds. Il y a enfin les apports des gestionnaires de routes pour les routes non nationales. Mais les ressources propres représentent à peu près 90% de nos ressources. Je précise que les charges de fonctionnement du FER représentent 2% des recettes encaissées.

GT : Parlez-nous de votre relation avec la JIRAMA et les compagnies pétrolières.

Nos arriérés auprès des compagnies pétrolières sont énormes, de l'ordre de 100

milliards MGA, soit à peu près notre budget annuel. Notre priorité est actuellement de les sécuriser, mais bien sûr, cette intervention est délicate. Le recours est la négociation appuyée par le comité de tutelle et la primature. C'est un enjeu national. Les compagnies pétrolières soutiennent que la vérité des prix n'est pas encore appliquée et que leur marge est trop faible pour être encore grevée par les RER.

Par contre, nous n'avons pas de relation directe avec la JIRAMA. Il fut un temps où la JIRAMA a demandé à ne pas payer de RER. L'Etat a pris des mesures y afférentes. Mais en tout cas, il n'appartient pas à la JIRAMA de payer les RER mais à l'importateur qui devrait nous informer de ses accords avec la JIRAMA. Je note que ce schéma n'a pas été respecté. L'accord du gouvernement est toujours nécessaire.

GT : Certaines entités (qui ne sont pas des usagers de la route) ont bénéficié d'une exonération de RER auparavant.

BR: Pour éviter un jugement arbitraire, aucune discrimination n'a été faite. Durant la mise en place du FER, aucune exonération de RER n'a été ni décidée ni prévue. Toute autre décision est purement politique.

GT : Quelles mesures avez-vous prises pour recouvrer vos droits ? Sinon, que préconiseriez-vous ?

BR: Nous nous assurons seulement qu'ils soient payés dans le futur. L'option effacement de la dette est à exclure car cela va pénaliser davantage l'entretien routier à Madagascar. Le FER fonctionne avec 25% de

(suite)

ce qui devrait être son budget. Ce qui réduit considérablement ses capacités.

GT : Depuis le blocage des prix à la pompe, la taxe pour le FER a été réduite. A combien se chiffre cette réduction et quels impacts cela a eu sur les activités du FER ?

En 2009, le taux ponctionné par litre était de 6% et à un certain moment, ils l'ont réduit jusqu'à fixer un montant forfaitaire par litre. Le gap est notable. Il y a eu réduction du nombre de kilomètres entretenus, priorisation stricte par rapport à l'intervention, pénalisation par rapport aux routes non nationales. Depuis, seules les RN ont été entretenues.

GT : Cette année, le FER va financer l'entretien de 11 700 km de routes en 6 mois. Cela suppose une disponibilité de ressources conséquentes. Comment comptez-vous faire ?

BR : Cette année, nous ne disposons que de 25 milliards MGA de transfert et d'une partie transconditionnelle qui n'est pas encore sûr car nous attendons et nous souhaitons que les compagnies pétrolières fassent un paiement d'ici quelques temps. En fait, les 11700 km vont être entretenues mais en quelle qualité? S'agira-t-il d'une intervention complète ou priorisée? Enlever les herbes autour, réparer les nids de poules, enrober la route, des exemples d'interventions possibles. Le grand défi est la qualité. La distance n'est en aucun cas un indicateur de performance fiable. C'est plus dans l'équilibre entre la qualité et les ressources qu'il faut voir. Pour cette distance annoncée, notre priorité est de s'assurer qu'il n'y ait aucune coupure et qu'elle soit praticable et circulaire 12mois/12, mais la qualité va dépendre des ressources disponibles.

Les interventions peuvent se faire de diverses manières. L'idéal serait d'avoir le matériel approprié et les ressources nécessaires. Les routes vont être entretenues mais pas à la hauteur de nos attentes.

Toute alternative technique telle que l'identification, la priorisation, le planning



Tout le monde tire profit de la route

revient au ministère des Travaux Publics. Notre intervention commence lorsque le marché est ouvert. A ce moment, notre rôle est de rechercher l'optimum. Le FER ne s'occupe que de la gestion du financement.

GT : De quels avantages bénéficient les membres de l'Association des Fonds d'Entretien Routier Africain (AFERA) dont vous faites partie?

BR : En 2005, le FER Madagascar est entré dans l'AFERA. L'opportunité de faire des échanges d'expériences constitue un avantage qualitatif considérable car ils permettent de faire une comparaison entre pays. Par exemple en Afrique, le taux de ponction est à 10%, le notre est à moins de 6%. C'est une référence par rapport aux besoins. Nous essayons de participer massivement dans cette association, pour avoir l'expertise technique en termes de gestion, de modélisation, d'intervention, d'amélioration qualitative de ce qui est gestion des fonds d'entretien routier à Madagascar. C'est une valeur ajoutée qualitative.

GT : Quel message lanceriez-vous aux contribuables, usagers de la route et à l'Etat ?

BR : La route est un investissement lourd. Malheureusement, nous n'avons pas la culture d'entretien et de maintenance. La satisfaction de rouler sur une route de bonne qualité – circulation facile, réduction du nombre d'accidents... – est un mérite pour le peuple car les fonds utilisés pour l'entretien des routes sont des fonds publics. Une synergie doit être trouvée avec l'Etat pour effectuer les recouvrements des RER afin de pouvoir travailler de façon optimale. La stagnation à la situation actuelle pénalise le pays et le FER va finir par disparaître. En effet, à terme, il ne pourra même plus couvrir ses dépenses de fonctionnement. Personne n'en tirera aucun intérêt. Je souhaite vraiment une synergie positive avec l'autorité et pourquoi pas, avec le secteur privé même c'est à dire les compagnies pétrolières puisque eux aussi, ils utilisent la route !

▲ Ony Nandrianina RABENANTOANDRO
Rivolala RANDRIANARIFIDY

SOSIALY

Ny nahazo tokantrano



Notanterahina tamin'ny 25 aogositra 2012 tao amin'ny fiangonana FJKM Antarandolo Fitiavana, Fianarantsoa ny fanamasinana ny fanambadian'i David RASOLONJATOVO sy Fahaniampianina Hanitse RATSARAMAMPIVOLA, Percepteur Principal ao Bekily.

Ny mpiara-miasa sy ny Foibem-pitondran'ny Tahirimbolam-panjakana dia mirary tokantrano sambatra ho azy ireo.



AKON'NY FANKALAZANA NY FAHA 50 TAONA

TG Ihosy : Nijery manokana ireo marary tao amin'ny Toby FLM Ambararata Avaratra



Nitondra ny anjara birikiny ho an'ny marry ny mpiara-miasa ao amin'ny TG Ihosy

Fanolorana fanampiana ho an'ireo marary sahirana tsaboina ao amin'ny Toby Ambararata (14Km miala ny tananan'Ihosy) no hetsika nanamarihan'ny mpiasa eto amin'ny TG Ihosy ny fankalazana ny fahadimampolo taonan'ny

Tahirimbolam-panjakana malagasy. Ny Toby Ambararata moa dia eo ambany fiahian'ny Fiangonana Loterana Malagasy.

Ny Alarobia 08 Aogositra 2012 no nanantotosana ny hetsika izay notarihin'Andriamatoa Daniel Randriamihajanimirina, Trésorier Général, sy ireo mpiara-miasa rehetra.

Mahatratra 50 eo ho eo ireo marary tsaboina ao amin'ny toby. Avy eto Ihosy sy ireo faritra manodidina (Sakalalina, lakora, Ivohibe, Ambalavao...) izy ireo.

Kojakoa ilaina amin'ny fiainana

andavanandro no natolotra ny marary tsirairay : vary, menaka, sira, siramamy, kafe, labozia... Nisy ihany koa fanampiana nomena ny mpiandraikitra ireo marary ireo.

Izao hetsika izao no tanteraka, dia vokatry ny tsipaipaika nataon'ny mpiara-miasa rehetra ao amin'ny TG Ihosy sy ny fiaraha-miasa tamin'ny SREB Ihorombe izay nanampy tamin'ny fitaterana ireo fanomezana.

▲ Sylvia RAHOLINIRINA

SOSIALY



ALEXANDRE
Administrateur de Service des Finances, TG Toamasina 24 taona niasana

Ny 06 Oktobra 1988 no niditra niasa tao amin'ny TG Toamasina Andriamatoa ALEXANDRE ary tsy niala tao mihitsy izy nandritra ny fotoam-piasany. Ny *état des opérations*

café, ny *recouvrement*, ny *caisse* no anisan'ny andraikitra nosahaniny teny am-piandohana. Nitana ny kaontin'ny Kaominina ambonivohitr'i Toamasina izy nanomboka ny taona

1996 mialohan'ny niandraiketany ny *compte de gestion et transfert*.

Ny tena nampalahelo azy indrindra ny nitanana azy am-ponja nandritra ny 20 andro noho ny fahazoan'ny orinasa Toamasina Service, mora foana ny fanangonana fako teo anivon'ny Kaominina. Nahafanaritra azy kosa ny nitsinjovan'ny Foibem-pitondran'ny Tahirim-bolam-panjakana azy nanoloana io toe-javatra io ka namangian'ny tompon'andraikitra vitsivitsy azy tany am-ponja.

«Tokony hitandrana tsara isika mitana ny kaontin'ny *collectivités*. Tokony mba hitsinjo ny mpiasa tojo olana hatrany kosa ny Tahirim-bolam-panjakana», hoy ny hafatra napetrak'Andriamatoa ALEXANDRE.

▲ Nangonin'i Yves RAKOTO

Ny Foibem-pitondran'ny Tahirimbolam-panjakana dia mankasitraka sy misaotra ary mitso-drano an'Andriamatoa ALEXANDRE noho ny asa vitany.

Ireo nodimandry



Mariette RAZANAJANAHARY
Teneur de livre, RGA

Ny Talata 04 Septambra lasa teo no nindaosin'ny fahafatesana teo amin'ny faha 55 taonany Ramatoa RAZANAJANAHARY rehefa niasa nandritra ny 30 taona teto anivon'ny Tahirim-bolam-panjakana. Ny 15 Septambra 1982 no tafiditra tao amin'ny *Agence Comptable de l'Université* izy, nahazo famindran-toerana tao amin'ny Trésorerie Principale Mahajanga ny taona 1983 hatramin'ny 1998. Niasa tao amin'ny RGA indray nanomboka

ny taona 1998.

Olona mahafanaritra, tso-piaina, mahay mifandray aman'olona, tia fihavanana ary tena tia manampy olona izy araka ny fanambaran'ny fianakaviany sy ny mpiara-miasa taminy.

Mitondra fankaherezana ho azy telo mirahalaha zanany ny ekipan'ny «TAHIRY ».

▲ Nangonin'i Yves RAKOTO



Tojo Nirina ANDRIAMAHATRATRA
Coursier, DBIV

Nodimandry ny Zoma 07 Septambra, teo amin'ny faha 34 taonany i Tojo Nirina ANDRIAMAHATRATRA. Tampoka ny fahalasanany satria mbola tonga niasa izy ny marainan'io andro io. Ny taona 2000 no niditra niasa tao amin'ny DBIV i Tojo. Olona tsotra, mitsikitsiky lava izy. Anisan'ireo nandrafitra ny ekipa mpilalao basket sy baolina kitran'ny DBIV izy. Namela kamboty roa vavy sy manano-tena i Tojo.

Mankasitraka sy mahatsiaro azy mianadahy noho ny asa vitany ny Foibem-pitondrana sy ny mpiara-miasa rehetra eto anivon'ny Tahirimbolam-panjakana no sady mankahery sy manohana hatrany ny fianakaviany.

ECHOS DE LA CÉLÉBRATION DU 50^{EME} ANNIVERSAIRE

Toliara reçoit la première tournée provinciale

Ce fut les 16 et 17 août 2012. Activités sportives (courses pousse-pousse, marathon, tournois de basket et de foot à 7), exposition et conférence ouvertes au public, l'inauguration du nouveau bâtiment de la Perception Principale d'Ankazoabo et bien sûr, l'incontournable soirée dansante étaient au programme.



De g. à d. : Le Dr Hatimo FIACRE, Maire de la Commune Urbaine de Toliara; Gilbert ROMAIN, Chef du District de Toliara I; le DGT, le MFB; le DG de Air Madagascar; Mme le SG du MFB; Benaria DIMBY, Chef de la Région Atsimo Andrefana ont ouvert l'exposition

Gestion budgétaire des collectivités locales : les Trésoriers Généraux dénoncent.

Les conférences constituent un des moyens pour dévoiler les réalités vécues par le Trésor. Les Trésoriers Généraux de Toliara, d'Ambovombe Androy, de Taolagnaro et d'Ihoso ont révélé

les problèmes constatés au niveau des collectivités locales.

Georges Nestor RAZAFINDRALAHY, TG Taolagnaro a développé les impacts de l'exploitation de l'ilménite pour la Commune urbaine et pour la Région Anosy. A ce titre, il a noté la rentrée en hausse des ristournes minières

depuis 2010, jusqu'à couvrir en 2011 les charges de personnel de la commune urbaine locale. 133 447 450,51 MGA. C'est le manque à gagner des collectivités locales de la Région Androy révèle le TG, Angelin Patrick TANTELINIAINA. Ce dernier a en effet dénoncé l'existence d'exploitation de ressources locales – ressources minières (labradorite...) et halieutiques (langoustes) – qui ne profite pas aux collectivités locales.

Dans cette même ligne d'idée, le TG Ihoso, Daniel RANDRIAMIHAJANIRINA attire l'attention sur la rentrée des redevances et ristournes minières dans sa région. Ilakaka dont la renommée en matière de pierres précieuses n'est plus à préciser n'a enregistré en 2011 que 693 900 MGA de ristournes minières ! Par ailleurs, les «ristournes minières» n'existent

pas dans le budget primitif de la commune, ajoute-t-il.

Pour sa part, Abel ZAFIMAHERY, TG Toliara a exposé les rôles du Trésor Public en tant que comptable et conseiller financier de la commune. A titre d'illustration, il a expliqué le redressement de la liquidation des salaires des agents communaux et le renforcement de la rentrée des recettes non fiscales à Toliara qui sont autant de mesures prises par le Trésor pour améliorer la trésorerie de la commune.

Le Trésor ne se contente pas de dénoncer, a déclaré le Directeur Général en guise de conclusion. Il propose également des solutions.

Cette séance de travail a été une occasion de lancer les messages aux responsables de la Commune et du Tribunal Financier présents.

▲ Voasary Ravo RAONIZAFINARIVO



Les Trésoriers Généraux dénoncent...



... captivant le public

TG FIANARANTSOA

Dons, Grillade et Karaoké

Pour célébrer le 50ème Anniversaire du Trésor Public Malagasy, les agents de la Trésorerie Générale de Fianarantsoa et de ses Perceptions Principales rattachées ont décidé de faire des cotisations. Les participations obtenues ont servi à acheter des sacs de riz blanc, des

cartons de savon, des cuvettes, des seaux ainsi que divers ustensiles de cuisine destinés à une distribution de dons auprès de l'Hospice d'Antanifotsy de Fianarantsoa lors de la journée du 27 Juin 2012. Le mois suivant, la commémoration de ce cinquantenaire a été suivie d'une «Brochette Party»

ayant vu la présence de chaque service public de la ville. Les réjouissances ne se sont terminées que tard dans la soirée où les grillades ont trouvé place au milieu d'un karaoké.

▲ Niainamampianina RAFANOMEZANTSOA



Joindre l'utile à l'agréable...

AKON'NY FANKALAZANA NY FAHA 50 TAONA

PP Ankazoabo : Notokanana ny trano vaovao

Torian'ny nanomezana trano sy fitaovana manara-penitra ny Perception Principale Mitsinjy sy Ikalamavony dia ny Perception Principale Ankazoabo indray no nahazo ny anjarany. Notokanana ny 16 Aogositra 2012 lasa teo ny trano vaovao. Toerana lavitra sy saro-dalana ny distrikan'Ankazoabo. Sahabo ho 125km miala avy ao Sakaraha no misy azy, izany hoe 254 km miala an'i Toliara. Lalan-tany sy fasika ary feno vato kely maranitra no diavina. Na fiara tsy mataho-dalana aza, sahirana vao tody any an-toerana. Izany hasarotan'ny fifandraisana izany indrindra no nahatonga ny Foibem-pitondran'ny Tahirimbolam-panjakana hijery manokana ny fotodrafitrasa eny amin'ireny faritra ireny ho fanamafisana ny fiarovana ny volam-bahoaka. Tanteraka tamin'ny fanorenana trano vaovao ao an-tampon-tanànan'Ankazoabo ny fanamby fanatsarana ny toeram-piasana.

Lahateny nifandimbiasan'ireo olomanan-kaja avy any an-toerana sy ny avy aty Antananarivo no nanokafana ny lanonana. Narahana fampisehoana niavaka niaraka tamin'ireo mpanao vako-drazana avy ao an-toerana izany. Nitsidika sy nanokatra tamin'ny fomba ofisialy ity trano vaovao ity avy eo ny manam-pahefana. Hita taratra ny ezaka lehibe ataon'ny Tahirimbolam-panjakana amin'ny fampitoviana lenta ireo toeram-piasana manerana ny Nosy mba hahatsara kokoa hatrany ny toeram-piasana sy ny kalitaon'ny asa. Mbola ho tohizina izany fanamby izany mba ho fiarovana bebe kokoa ny volam-bahoaka. Fiarahana niala hetaheta natao ho an'ny rehetra no namaranana ny fotoana. Araka ny fomba ihany koa dia tsy nohadinoin'ny Tahirimbolam-panjakana ny nanolotra omby iray mba ho nofon-kena mitam-pihavanana ho an'ny vahoakan'Ankazoabo.




De g. à d. : Yves Sylvain BRUNO (PP Ankazoabo) ; le DGT ; Mme le SG du MFB ; le MFB et le Chef de la Région Atsimo Andrefana



Tena manara-penitra ny trano vaovao !



Na ny ivelany na ny anatin'ny dia ahitana izany fenitra izany



Fanoroana an-tsary ny toerana misy ny Distrika an'Ankazoabo



Dezaka sy sarotra ny lalana



Toy izao ny tanànan'Ankazoabo

Fantaro Ankazoabo

Miisa enina ireo kaominina ambanivohitra ao anatin'ny distrikan'Ankazoabo ary 119.775 ny mponina ao aminy. Isan'ny foto-piveloman'ireo mponina ao ny fiompiana omby, ondry, osy ary akoho amam-borona. Tsy latsa-danja ihany koa ny fambolena toy ny vary, tongolo, voanjo, balahazo, vomanga, fary ary voankazo isan-karazany. Ny tongolo sy ny voanjo no vokatra tena mampivavaka ity faritra ity hany ka misy mihitsy ireo mpamongady avy aty an-tanàn-dehibe mividy sy manondrana ireo vokatra ireo ho any amin'ny faritra hafa. Mbola tombony ho an'Ankazoabo ihany koa ny fanamboarana siramamy gasy. Isan'ny mananosarotra ny mponina any an-toerana kosa anefa ny fahazoana rano madio satria tsy maintsy vidina ka 200Ar ny bidon amin'izany. Isan'ny faritra mena amin'ny halatra omby ihany koa any satria saika isan'andro no misy

manao fitarainana momba ny omby very ao amin'ny Fitarana. Raha ny mahakasika ny PP Ankazoabo kosa dia miisa 4 ireo mpiasa ao. 1 chef de poste, 1 réalisateur adjoint, 1 employé de service, 1 garde caisse. Fonybolatsy nanana trano ny PP dia tao amin'ny tranon'ny distrika no niasan'izy ireo. Mahatratra 91 ny isan'ny olona mandray pension ary 85 ireo mpiasa maka karama ao isam-bolana. Any amin'ny TG Toliara izay iankinany izy no manao ny approvisionnement. Tsy maintsy manofa ireny fiara tsy mataho-dalana ireny ary maka mpitandro filaminana hiaro azy ireo satria dia voasokajy anatin'ny faritra mena ny distrikan'Ankazoabo. Rehefa tonga ny fotoam-pahavaratra dia mijaly tokoa izy ireo amin'ny fanatanterahana ny asa noho ny faharatsian'ny lalana ary matetika tafatory an-dalana mihitsy aza.

▲ Tolotra RAOILJON



Yves Sylvain BRUNO, PP Ankazoabo

"Misaotra sy mankasitraka tamin'ny fanomezana trano sy fitaovana manara-penitra. Henika haja tanteraka ny lanonana tamin'ny fahatongavan'ireo delegasiona maro avy amin'ny foibe, tsy mbola nisy toy izany hatramin'izay naha Percepteur Principal ahy izay. Isan'ny hetahetako rehefa misy famindran-toerana ny iasako any ampovoan-tany. Faniriako koa ny hijerena haingana ny fametrahana ny indice fonctionnel ho an'ireo chef de poste manerana ny PP rehetra, ary farany dia ny fanoloana ireo mpiasa ato aminay, izay handeha hisotro ronono amin'ny volana desambra ho avy izao."

AKON'NY FANKALAZANA NY FAHA 50 TAONA

Nisokatra ho an'ny vahoakan'i Toliara ny Tahirimbolam-panjakana

Ny fampirantiana, famelabelarana arahina adihevitra ary hetsika ara-panatanjahan-tena. Izany no nentin'ny Tahirimbolam-panjakana malagasy tany Toliara ho fankalazana ny fahadimampolo taonany ny 16 sy 17 aogositra 2012.

16 aogositra 2012. Ankoatra ny Ministry ny Fitantana-bola sy ny Tetibola sy ny Sekretera Jeneralin'ny MFB dia nanotrona ny fianakavian-ben'ny Tahirimbolam-panjakana tany Toliara ny Lehiben'ny Faritra Atsimo Andrefana, ny Lehiben'ny Distrikan'i Toliara voalohany, ny Ben'ny tanàna ary ireo mpanandraharaha maro be.

Nifandimby nandray fitenenana ireo manam-pahefana isan-tokony ka samy nanindry ny maha zavadehibe ny vola sy ny asan'ny Tahirimbolam-panjakana.

"Hozatry ny fiainana ny vola" hoy ny ohabolana malagasy ary "kitro ifaharan'ny fampandrosoam-pirenena raha matanjaka ny volany" kanefa, raha ratsy ny fitantanana

azy dia toa ny mitady harena anaty kitapo loaka ihany" hoy Andriamatoa Hatimo FIACRE ben'ny Tanànan'ny Toliara Ambonivohitra nanokatra ny andian-kabary tamin'ny lanonam-panokafana ity hetsika ity. Ny Tale Jeneralin'ny Tahirimbolam-panjakana rahateo dia nanantitrantitra fa tsy azo sarahina amin'ny fahantrana ny fitantanana ny volam-bahoaka. Voizin'ny Tahirimbolam-panjakana ankehitriny rahateo ny *bonne gouvernance* sy ny *orthodoxie financière* ankehitriny ka tokony ho kolontsaina mihitsy izany. Nanafana ny lanonam-panokafana ny Tarika Remanindry avy any antoerana sy ny antoko mpihira KTKT izay niredona ihany koa ny hiram-pankalazana ny fahadimampolo taonan'ny Tahirimbolam-panjakana malagasy.

Ankoatra ny fampahafantarana ny Foibem-pitondran'ny Tahirimbolam-panjakana dia navoitra ihany koa ireo TG efitra any amin'ny Faritra atsimo (TG



Samy nisafidy ny vesatra nentiny ireo mpitarika posy nifaninana

Toliara, i TG Ihosy, TG Androy ary TG Anosy) : ny tantarany, ny asany... Lafiny iray mahakasika ny asany no novelabelarina nandritra ny ora maro ny hariva ho an'ireo manandraharaha.

17 aogositra. Nisy ihany koa hetsika ara-panatanjahan-tena nandritra ity fankalazana tany Toliara ity. Ny ekipan'ny DBIV no nibata ny amboara raha nifanandrina tamin'ny ekipan'ny TG Taolagnaro. Isa 32-21 no nisarahana tamin'ny lalao basket mixte. Teo amin'ny

foot à 7 kosa, ny ekipan'ny TG Ambovombe no nandresy ny ekipan'ny TG Taolagnaro tamin'ny tirs au but (5/2).

Tena nampiavaka ny hetsika tany Toliara ny hazakazaka lavitra ezaka 10km ho an'ny lehilahy ary 5 km ho an'ny vehivavy, izay nahitana mpandray anjara mihoatra ny 50. Teo ihany koa ny *course poussepousse* izay nisy mpandray anjara 30.

▲ Jenny Mahavina



Vonona ny hifaninana ireo tovolahy...



...nefa nijoro koa ny vehivavy



Tsy nifampitsitsy ny mpilalao baolina!



Ampahany tamin'ireo nahazo medaly

Ny hevitr'ireo mpiasan'ny Tahirimbolam-panjakana taloha



Jules RANDRIAMANANO

«Mahafinaritra ny mahita izao fampirantina izao fa hita eto daholo na ny taloha na ny ankehitriny. Tena mahatalanjona ny fivoaran'ny Tahirimbolam-panjakana fa efa manara-penitra avokoa ary malaky be ny fomba fiasa. Raha asa nataonay iray andro taloha, adiny iray monja dia vita ankehitriny.»

Gilbersman

«Mahafinaritra ny mahita ny asan'ny Trésor hatramin'ny 1963. Ary ankehitriny tanora kinga, mahay miasa ny mpiasa.»



René BOTOSON

«Betsaka ny fiovana tahaka ny fanavaozana ny fotodrafitr'asa, ny fivoaran'ny fijerena ny mpiasa,... ary malaky kokoa ny *acheminement*-n'ny taratasy rehetra.»



Razedra RANIVOSON

«Mahafinaritra fa mampatsiahy ny asanay teto amin'ny Tahirimbolam-panjakana. 30 taona lasa izay no nidirako teto ary efa misotro ronono aho izao. Ny fitaovana vaovao daholo, tsy mbola nisy nampiasainy taloha. Tsara kokoa ny fitondrana eo amin'ny samy malagasy fa tsy misy teritery.»

AKON'NY FANKALAZANA NY FAHA 50 TAONA

TG MAHAJANGA

Nanampy ireo tra-boina vokatry ny haintrano



Niara-nientana ny mpiasa rehetra nanampy ireo mpiara-belona

Vary 11 gony, voamaina 200 kapoaka, savony 3 baoritra ary fitafiana maro samihafa no natolotry Fikambanan'ny Mpiasan'ny Trésor Mahajanga (FMTM) sy ireo mpiasa avy amin'ireo PP miankina aminy ireo fianakaviana tra-boina vokatry ny haintrano. Tokantrano 26 tao

Mahavoky Avaratra sy tokantrano roa tao Tsaramandroso Ambony sy Tsararano no niaran'izany voina izany ny volana mey sy aogositra lasa teo. Ny zoma 10 Aogositra no nanatanterahan'izy ireo izany asa sôsialy izany. Izany dia tafiditra indrindra ao anatin'ny hetsika fankalazana ny faha 50 taonan'ny

Tahirimbolam-panjakana. Mbola hitohy amin'ny volana novambra izao ny hetsika sôsialy ao amin'ny TG Mahajanga.

▲ Norosoa ANDRIAMANAMPISOA

SEHATRA IFAMPIZARANA

Ny ravin-goavy:

Mampitsahatra fivalanana (indrindra ho an'ny ankizy) : Mampangotraha ravin-goavy dia ataovy rano fisotro.

Cicatrisant : Raha avy nanala nify koa, dia ahontsano amin'ny ravin-goavy notanehana ny vava.

Ho an'ireo tsy mahazaka dia lavitra amin'ny fiara (mal de terre): Raha misalebolebo, te-handoa dia sasao tsara ny ravin-goavy, tsakotsakoy tsara, dia atelemo ny ranony fa ario kosa ny faikany.

▲ Jenny MAHAVINA

BLAGUES



SUDOKU

N° 22

	6		7	8	1		5	
				5				
4				6				7
5	2		9		6		8	4
1		6				3		5
7	8		5		2		1	6
9				7				2
				9				
	1		6	2	4		7	

VALIN'NY N° 21

7	4	1	3	9	8	2	6	5
9	6	5	4	2	1	8	3	7
2	8	3	6	5	7	4	1	9
4	3	6	9	7	2	5	8	1
8	9	2	5	1	6	7	4	3
5	1	7	8	3	4	9	2	6
1	2	4	7	6	9	3	5	8
6	5	9	2	8	3	1	7	4
3	7	8	1	4	5	6	9	2



TAHIRY

Bulletin mensuel d'information et de liaison de la Direction Générale du Trésor

Directeur de Publication

Orlando ROBIMANANA

Rédacteur en Chef

Tiana RAJAONARIVONY RAMANOEL

Rédacteur en Chef Adjoint

Voasary Ravo RAONIZAFINARIVO

Comité de Rédaction

Jean Noël RANAIVOSON

Haingotiana RAJEMISA

Mbolatiana RAMAMONJISOA

Hanitra RANDRIANIRINA

Naomi RAVONIRINA

Zoely Narindra RAKOTONINDRAINY

Rivolala RANDRIANARIFIDY

Yves RAKOTO

Jean Damascène RABEHOAVY

Landy ANDRIAMIALIZAFY

Tojo Hasina RAKOTOSALAMA

Jenny MAHAVINA

Haingotiana RAHANIRAKA

Ony Nandrianina RABENANTOANDRO

Mbolatiana ANDRIAMANALINA.

Tolotra RAOILIJON

H. ANDRIANJAZA

Valérie RAKOTOSON

Infographiste/P.A.O.

iako M. RANDRIANARIVELO

Adresse

Porte 311, Ministère des Finances et du Budget

Antananarenina, 101 Antananarivo

e-mail : tahirytresor@yahoo.fr – Tél. : 22 276 14

Imprimé en 1 400 exemplaires